# L’ETERNEL REGNE

**Salamo 97 :1a : « Jehovah no Mpanjaka, aoka ho faly ny tany »**
Amin’ny dikan-teny segond dia hoe : « l’Eternel règne ». Ny olona mahafantatra an’izany dia mitoetra anaty fifaliana.
Isika dia mandeha amin’ny finoana ka rehefa lazaina amintsika hoe « l’Eternel règne » dia hoe Izy mipetraka ao amin’ny toeran’ny chauffeur ; Izy no mahita ny plan de route ka Izy no :
– Mitazona ny familiana ny tantaran’ny firenena
– Mitazona ny familiana ny tantaran’ny fiainako sy ny fiainanao
<u>Fampieritreretana</u> :
– Efesiana 1 :11 : « ao aminy koa no nanaovana antsika ho lovany, rehefa notendrena rahateo isika araka ny fikasan’ izay mahefa ny zavatra rehetra araka ny ankasitrahan’ ny fony » : ny zavatra rehetra mitranga dia araka ny fikasan’izay mahefa ny zavatra rehetra, araka ny ankasitrahan’ny fony
– Filipiana 4 :6 : «Aza manahy na inona na inona; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin’ ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin’ Andriamanitra amin’ ny zavatra rehetra» : eo am-pelatanany ny familiana ny tantara ; mahefa ny zavatra rehetra Izy araka izay ankasitrahan’ny fony
**Mangataha mba hitombo amin’ny fivavahana sy ny finoana ary ny fisaorana. Mitomboa amin’ny fiainam-bavaka**

**Salamo 97 :7 ; Salamo 97 :5 : «Ary ny fiadanan’ Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin’ i Kristy Jesosy ; Aoka ho fantatry ny olona rehetra ny fandeferanareo. Efa mby akaiky ny Tompo.** »
AZA MANOMPO ANDRIAMANI-TSY IZY INTSONY ARY AOKA IZAY NY MIARAHABA TENA
Aza miarahaba tena manompo andriamani-tsy izy . Misy kazazany roa ny olona eto :
– Eo amin’ny and.5, « miempo tahaka ny savoka »
– Miarahaba tena, afa-po amin’ny tenany

Ny olona mirehareha satria olona diso Andriamanitra : andriamani-tsy izy no tompoina kanefa io no hireharehany.
Rehefa mahita ny fiainam-piangonana dia olona miarahaba tena no hita. Nahoana ? Mankaty am-piangonana izy, tsy tara, miandry ny tso-drano, fa tsy manova ny fiainany ny teny reny satria miarahaba tena, afa-po amin'ny tenany, satria tsy manana toe-tsaina hoe miempo eo anatrehan'Andriamanitra. Miarahaba tena satria jambain'ny andriamani-tsy izy dia ilay « izaho » ao aminy.
<u>Fampieritreretana :</u>
– Sao dia ianao izany miarahaba tena izany, afa-po amin'io andriamani-tsy izy io dia ny tenanao izany ?
– Mianara mivavaka hoe : « Andriamanitra ô, atao anie ny sitraponaoato am-poko tahaka ny any an-danitra »

**Salamo 97 :11 : « Ny fahazavana no voafafy ho an' ny marina, Ary ny fifaliana ho an' ny mahitsy fo »**
**TE HANAMPY ANAO IZY HIAINA ANATY FAHAZAVANA**
Rehefa mandinika ny fiainantsika dia hita fa rakotry ny aizina ny tany. **Romana 1 :29-32** : *« ka dia feno ny tsi-fahamarinana rehetra, ny faharatsiana, ny fieremana, ny lolompo, feno fialonana, vonoan-olona, fifandirana, fitaka, otri-po, mpibitsibitsika, mpanendrikendrika, halan' Andriamanitra, mpampahory, mpiavonavona, mpandoka tena, mpamoron-tsain-dratsy, tsy manoa ray sy reny, tsy manam-pahalalana, tsy mitana fanekena, tsy manam-pitiavana, tsy miantra; dia olona mahalala tsara ny fitsipika nomen' Andriamanitra fa izay manao izany zavatra izany no miendrika ho faty, nefa tsy manao izany ihany izy, fa mankasitraka ny manao koa. »* Ireo no exemple-ny aizina mandrakotra ny tany ; izany no mibaiko ny fifandraisan'ny olona
Fa izao, ny olona tsy mahazaka mitoetra ela ao anatin'ny aizina. Manana fahefana sy hery Izy hamafy fahazavana ho antsika izay rakotry ny aizina. **Salamo 119 :105** : *«Fanilon' ny tongotro Sy fanazavana ny làlako ny teninao »*
Fampieritreretana :
Mangataha amin'ny Tompo mba ho fanazavana ny lalantsika Izy,

ny Baiboly